# Tantaran'i George Rickford

Tamin'ny 1969 dia nifanena tamin'ny misiôneran' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany i George Rickford, izay tanora iray nipetraka tany Leicester, Angleterre. Tsy nanaiky ny handray ny hafatr'izy ireo i George tamin'ny voalohany, saingy nanomboka nihaona tamin'ny misiônera ihany izy nony farany. Taorian'ny telo volana nanaovana fanadihadiana lalina, dia nifoha i George indray maraina niaraka tamin'ny faharesen-dahatra fa marina ny Fiangonana.

Efa dodona ny hizara izany fijoroana ho vavolombelona vao azony izany amin'ireo elders i George. Talohan'ny nahafahany nanao izany, dia nampahafantatra azy izy ireo fa tsy ho afaka ny handray ny fisoronana amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana azy izy noho ny fandovany firazanana mifangaro, izay ahitana razambena taranaka afrikanina mainty.

Indray andro dia niresaka tamin'ny namana akaiky iray ny zavatra niainany niaraka tamin'ireo misiônera i George ka nanomboka nampianatra ny namany momba ny Mpaminany Joseph Smith. Nitantara izy hoe, "Raha nitantara an'izany tantara izany aho dia lasa velombelona tsotra izao, ary nisy zavatra nandrakotra ahy ka namirapiratra fotsiny aho."

Nanamafy ny fijoroana ho vavolombelona nananan'i George ilay zavatra niainany saingy mbola nijanona ny ahiahiny mikasika ilay ny famerana tsy hahazoana mihazona ny fisoronana. Rehefa nivavaka mba hahazo fahatakarana bebe kokoa izy, dia tonga taminy ity hafatra ity: "Tsy mila mahatakatra ny zava-drehetra momba ny filazantsarako ianao alohan'ny hanoloranao tena amin'izany. Fa maninona ianao no tsy maneho ny finoanao amin'ny fanekena izay renao ary manolotra ny ambiny ho eo an-tanako?"

Nahazo fampiononana tamin'ilay hafatra i George ka namaly tamim-bavaka hoe: "Eny, Tompo, hataoko izany. Horaisiko amim-pinoana izany. Ary misaotra Anao, tena misaotra Anao." Roa volana taty aoriana dia natao batisa i George ary lasa mpikamban'ny Fiangonana mahatoky.

Tamin'ny 1975, telo taona talohan'ny fanambarana mikasika ny fisoronana, i George dia naneho ny finoany Andriamanitra marina iray, ka nanoratra izy fa nekeny "tamim-pinoana, tsy nisy fepetra" ilay famerana. Nampiany izany hoe: "Feno fankasitrahana fotsiny aho fa eto an-tany indray ny fisoronan'ny Tompo, miaraka amin'ireo fitahiana sy ny fahefana ary ny andraikitra fonosin'izany. Tsy dia zava-dehibe amiko na iza na iza manana na tsy manana izany, fa ny fomba ampiasana izany no manan-danja kokoa."

Tamin'ny 1978 i George dia naheno momba ilay fanambarana izay manolotra ny fisoronana ho an'ireo lehilahy mendrika rehetra (jereo ny Filazana Ôfisialy 2).

"Rehefa niverina tao an-trano i George dia niresaka nandritra ny alina momba ny dikan'ilay vaovao ho an'ny fianakavian'izy ireo izy sy i June [vadiny]. Tena goavana ilay fanovana. Ny ampitson'izany dia notendrena ho mpisorona ao amin'ny Fisoronana Aharôna i George Rickford. Roa volana taty aoriana dia notendrena ho Fitopololahy izy ary natao mpikambana zokiny tao amin'ny kôlejin'ny Fitopololahin'ny tsatòka. Ary roa volana taorian'izany dia nofehezina tao amin'ny Tempolin'i Londres Angleterre niaraka tamin'ny zanak'izy ireo efatra i George sy i June Rickford" ("I Will Take It in Faith (Horaisiko amim-pinoana izany)").

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD60013873_654_115-teacher_handout-1